Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

" MIAMBENA, FA TSY FANTATRAREO IZAY ANDRO HIHAVIAN'NY TOMPONAREO."

Ny fiambenana eo anivon'ny fianakaviana.
2 Petera 3.1-18

Fiarahabana

Amin'ny Anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina.

Hira Antoko Mpihira

Vavaka

Fampidirana :

Hira : 52 :1 Efa akaiky Jeso Tompo

Vakiteny 1 : 2Petera 3.1-7

" 1 Ry malala, ity no epistily faharoa soratako ho aminareo ankehitriny, ka izy roroa dia samy entiko mampifoha ny sainareo madio amin' ny fampahatsiarovana, 2 mba hahatsiarovanareo ny teny voalazan' ny mpaminany masina rahateo sy ny didin' ny Tompo sady Mpamonjy izay nentin' ny Apostoly nirahina ho atỳ aminareo; 3 fa fantatrareo voalohany indrindra fa amin' ny andro farany dia hisy mpaniratsira avy haniratsira, mandeha araka ny filany 4 ka manao hoe: Aiza ny teny fikasana ny amin' ny fihaviany? Fa hatrizay nodian' ny razana mandry dia maharitra tsy miova ny zavatra rehetra; eny, hatramin' ny nanaovana izao tontolo izao aza. 5 Fa minia jamba ireo ka tsy mahalala fa nisy hatramin' ny ela ny lanitra, ary nisy tany koa, izay niseho avy tamin' ny rano, sady rano no nanaovana azy tamin' ny tenin' Andriamanitra, 6 ary rano koa no nandravana izao rehetra izao taloha tamin' ny nanasaforany azy; 7 fa izao lanitra sy tany ankehitriny izao dia hazonin' izany teny izany ho amin' ny afo ka tehirizina ho amin' ny andro fitsarana sy fandringanana ny ratsy fanahy."

Fanazavana ny Teny

Hira : 295 :1 Miorena mafy tsara

Vavaka :

- Misaotra sy midera ny Tompo noho ny fahatokiany sy ny fitiavany ka hamoazany antsika sy hiambenany antsika amin'ny alalan'ny teniny mba tsy hihemotra isika, na hanaraka ny fanaon'izao tontolo izao, fa hatoky Azy sy ny teniny ka hifikitra amin'izany.
- Hiorina tsara amin'ny fahamarinan'ny tenin'Andriamanitra ny fijery sy ny fisainana ary ny fitondran-tenan'ny mino tsirairay, ka tsy hanaraka ny lalan'ny fahaverezana izoran'izao tontolo izao.
- Mba ho mazava sy hentitra tsara ny toriteny sy ny fampianarana entin'ny Fiangonana hahatonga ny olona tena hiambina fa tsy handeha amin'ny magoragora ka ho mora havilin'ny fisainana misalasala ny amin'ny fahamarinan'Andriamanitra sy ny teniny, fa hifikitra amin'ny Teniny izay sady azo antoka no tsy miova.

Vakiteny 2 : 2Petera3.8-13

Fanazavana ny Teny

Hira : 52.2 Efa akaiky ny Mpitsara

Vavaka :

- Mivavaka mba hibebahan'ny ankohonana na ao amin'ny fianakavianao izay mbola miombona amin'izao tontolo izao.
- Mivavaha mba hahatonga ny *culte familial* sy ny fifampizaràna tenin'Andriamanitra ao an-kantrano mba ho zavatra ankafizina sy mitombo hatrany,
- Mivavaka ho an'ny Fiangonana sy ny Mpitandrina ary ny Mpitondra mba hahay hampiorina ny fianam-piangonana sy ny asany amin'ny tenin'Andriamanitra madio.

Vakiteny 3 : 2Petera3.14-16

" 14 Koa amin' izany, ry malala, satria manantena izany zavatra izany hianareo, dia mazotoa mba ho hita tsy manan-tsiny amam-pondro eo anatrehan' ny Tompo amin' ny fihavanana. 15 Ary ny fahari-pon' ny Tompontsika dia ekeo ho famonjena, tahaka ny voasoratr' i Paoly, rahalahy malalantsika, taminareo koa araka ny fahendrena nomena azy, 16 tahaka ny ataony ao amin' ny epistiliny rehetra koa, fa milaza izany zavatra izany ao aminy izy; ary amin' ireo dia misy zavatra saro-pantarina, izay aolan' ny olona kely fahalalana sady tsy miorina tsara, tahaka ny anaovany ny teny sasany amin' ny Soratra Masina koa, ka mahatonga fahaverezana ho an' ny tenany."

Fanazavana ny Teny

Hira : 52 : 3 Efa akaiky ny Mpamonjy

Vavaka

- Mivavaka mba hahay hifampahery sy hifampitondra amin'ny fitiavana ny ao an-tokantrano ao.
- Mivavaka mba tena ny Fanjakan'Andriamanitra sy ny fahamarinany no katsahina eo anivon'ny fianakaviana sy ny Fiangonana, fa tsy izay mampetipety fotsiny.
- Ho an'ny marary, ny azom-pahoriana, ny sahirana noho izao coronavirus izao, na noho ny antony hafa.

Vakiteny 4 : 2Petera3.17-18

" 17 Koa, satria fantatrareo rahateo izany, ry malala, dia tandremo fandrao ho voataonan' ny fahadisoan' ny ratsy fanahy hianareo ka ho lavo hiala amin' izay iorenanareo; 18 fa mitomboa amin' ny fahasoavana sy ny fahalalana an' i Jesosy Kristy, Tompontsika sy Mpamonjy. Ho Azy anie ny voninahitra ankehitriny sy mandrakizay. Amena. »

Fanazavana ny Teny

Hira : 295 : 3 Miadia ny ady tsara

Vavaka faranana amin'ny Vavaka nampianarin'ny Tompo

Teny famehezana : Apo.2.10

"Aza matahotra izay efa hiaretanao ; aoka ho mahatoky hatramin' ny fahafatesana hianao, dia homeko anao ny satroboninahitra fiainana."

Hira 295 :5 Ry Jesosy ! hatanjaho

Tsodrano 1Pet.5.10-11

" Ary Andriamanitry ny fahasoavana rehetra, Izay efa niantso anareo ho any amin' ny voninahiny mandrakizay ao amin' i Kristy, rehefa niaritra fahoriana vetivety hianareo, dia Izy no hahatanteraka sy hampiorina ary hampitoetra anareo.11 Ho Azy anie ny fanjakana mandrakizay mandrakizay. Amena."